

Fatana masoandro sy fatana mitsitsy 300 no nozarain'ny ADES TOLIARA

Tokenrano miisa 200 mahery no nahazo tombontsoa tamin'ny fizarana fatana masoandro sy fatana mitsitsy miisa 300 (fatana mitsitsy 200 sy fatana masoandro 100), ny asabotsy teo, tao amin'ny sekoly Al Noor. Ho fanohizana hatrany ny fizarana fatana miisa 1.500 amin'ity taona ity, noho ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny ADES sy ny Rotary Club Toliara. Ny fokontany Motombe-Tanambao indray no nahazo tombontsoa tamin'io andro io. Toy ny mahazatra dia nisy ny fiofanana mialoha nomena ireo vehivavy renimpianakaviana sy ny fandraisana anjara biriky kely, vola 10.000 Ar (kits). “ Mba hialana

amin'ny toe-tsaina zatra tolarana na omena maimaim-poana (bojo) no nanaovana an'io fa tsy fitadiavam-bola akory. Sady ho fandraisana anjara mavitrika sy lehibe eo amin'ny ady sy ny fiarovana ny tontolo iainana, no entina anasoavana ny mpiara-belona eo amin'ny fanatsarana hatrany ny fari-piainany (tahiry) no tanjonay ”, hoy ny talen'ny ADES Toliara, Andriamatoa Patrick Randrianirina. “ Mila mampiasa azy ianao vao mahazo sy mahita ny tombontsoa azo aminy. Na dia sarotra aza ny manova ny toe-tsaina mahazatra eo amin'ny fampiasana ny angovo toy ny saribao sy kitay, dia lalana tsy

azo ihodivirana io, noho ny fitombon'ny zanak'olombelona ”, hoy kosa ny filohan'ny Rotary Club, Atoa Rudolph BOS. Nohamafisiny ny hoe: “entano ny manodidina anao mba ho resy lahatra hampiasa ihany koa (mifanabe) ”. Ezaka iombonana izy ity, hoy ny Tale Nasionalin'ny ADES, Atoa OttoFREI, teratany soisa, monina eto Toliara. “ Koa mangataka ny fiaraha-miasa aminareo rehetra tsara sitrapo sy malala-tanana tsy ankanavaka ny tenany, mba hoentintsika manatsara bebe kokoa ny fari-piainan'ny Malagasy, ny tontolo iainana ary ny hanamaivanana ny fahazoan'olona ny fitaovana ”. Fisaorana

kosa no natolotry ny lehiben'ny fokontany, Atoa Alexandre, “ fa manala fahasahiranana ho anay vahoaka tokoa izao fizarana fatana izao koa matokisa ianareo mpanome fa hotanterahinay antsakany sy andavany ny toromarika nomenareo ”. Marihina moa fa ny Rotary Club any Zurich Oberland no namatsy vola sy niara-niasa tamin'ny Rotary club Toliara tamin'ny fizarana fatana tamin'ity taona ity sy tamin'ny herintaona, fokontany 15 eto antampon-tananan'i Toliara no mahazo tombontsoa amin'izany.